# Ny Baiboly ho an'ny ankizy

dia manolotra

# Ilay mpamafy sy ny voa



Nosoratan'i: Edward Hughes

Sarin'i: M. Maillot; Lazarus

Nampifanarahin'i: E. Frischbutter; Sarah S.

Nadikan'i: Fikambanana "Ndao mba hiaraka aminay" na association "Allons ensemble" FJKM Nazareta Amborovy Mahajanga Madagascar

Alastair Paterson

Novokarin'i: Bible for Children
www.M1914.org

©2020 Bible for Children, Inc.
Azo atao ny fandikana na fakana ity tantara ity nefa tsy ho amin'ny fitadiavam-bola.

Indray andro Jesoa nampianatra teo amoron'ny farihy iray. Vahoaka marobe no tonga nihaino Azy.

Tsy nitsaha-nitombo ny isan' izy ireo. Inona no nataon'i Jesoa?





Nahatazana sambokely teo akaiky teo
Izy, ary dia niakatra tao anatiny.
Hitany tsara daholo ireo vahoaka
rehetra toy izao, ary izy ireo
koa afaka mihaino

sy mahita
Azy tsara.

Nanomboka nitantara fanoharana tamin'izy ireo i Jesoa.



Tantara izay avy amin'ny fiainana andavanandro, manazava ny momban'Andriamanitra amin'ireo vahoaka.



"Nisy mpamafy iray namafy voa tao an-tanimboliny" Ny tantara ataon'i Jesoa dia azo sary an-tsaina avy hatrany.




Afaka maminavina ny sarin'ilay
mpamafy manao ny asany any
an-tsainy any ny vahoaka- Efa
fahitan'izy ireo
matetika
izany.

Ny voa sasany latsaka
teny amoron-dalana. Nahita
izany ny voro-manidina
dia tonga faingana
nitsindroka azy ireo.



Ny voa sasany niparitaka teny amin'ny toerana be vato. Nitsimoka vetivety izy ireny. Saingy noho ny fakany tsy nahazo tany lalina,

dia nodoran'ny masoandro izy ireo ka maina.



Ny voa sasany indray naniry niaraka tamin'ny tsilo. Voagejan'ny tsilo tao ireo tsimoka ka tsy tratry ny masoandro sy ny orana, ary dia tsy nisy nanome voa na iray aza.



Ny voa sisa kosa naniry teny amin'ny tany lonaka. Naniry tsara ireo tsimoka ka namoa voa maro be. Faly ery ilay mpamafy!



Nanatona an'i Jesoa ireo mpianatra rehefa tapitra ny fitantarany, ka nanontany hoe: "Fa maninona no fanoharana toy izany no ifampiresahanao amin'ny vahoaka?"



Namaly azy ireo Jesoa fa ny fanoharana dia manampy ny olona izay tia an'Andriamanitra hahafantatra Azy.



Ny olona tsy tia an'Andriamanitra dia tsy afaka mahazo ireny fanoharana ireny.




Nohazavain'i Jesoa nony avy eo ilay fanoharana. Nilaza Izy fa ireo voa dia ny Tenin'Andriamanitra.


Ny voa latsaka tamin'ny
sisin-dalana dia tahaka ireo olona
maheno fa tsy mandray ny Tenin'Andriamanitra.


Ahodin'ny Satana ny
sainy, ka manjary manadino
izay lazain'Andriamanitra izy.


Misy olona sasany mandray avy hatrany ny Teny. Tahaka ireo voa teo amin'ny toerana be vato! Saingy vao tra-pahoriana izy na misy olona manenjika azy noho ny fitiavany an'Andriamanitra, dia avelany ny Teny.

Ireo olona ireo izay nanomboka nanara-dia an'i Jesoa tam-pifaliana, nandao ny zavatra rehetra nefa tsy nankato ny tenin'Andriamanitra.



Tsy te hiaritra ny mafy amin'ny fanarahana an'Andriamanitra izy ireo! Mampalahelo fa aleony manome fifaliana ho an'ny namany toy izay ho an'Andriamanitra.



Ny tsilo ao anatin'ny fanoharana dia tahaka ireo olana mianjady amin'izao tontolo izao sy ny fitiavam-bola izay mameno ny fiainan'ny olombelona.



Variana loatra mitady vola sy harena ny olona ka manadino an'Andriamanitra.



Ilay voa latsaka tamin'ny tany lonaka kosa, ary nanome vokatra tsara dia tahaka ny Tenin'Andriamanitra tafalatsaka ao am-pon'ny olona ka manova ny fiainany. Ireny olona ireny dia manompo sy mankalaza an'Andriamanitra mandrakariva.



Tsy te hody ny olona. Betsaka ny vahoaka no te-hanaraka sy hanao ny sitrapon'Andriamanitra. Ny fanoharana nataon'i Jesoa dia nanampy azy ireo hahafantatra ny amin'izay tokony atao hanarahana ny didin'Andriamanitra.



Ilay mpamafy sy ny voa

Tantaran'ny Tenin'Andriamanitra, ny Baiboly,

Tao amin'ny bokin'ny

Matio 13

"Ny fanambaràn'ny teninao dia manazava."
Salamo 119:130

Tapitra

Ny tantara ao amin'ny Baiboly dia miresaka amintsika ny amin'Ilay Andriamanitsika mahafinaritra, Izay namorona antsika ary maniry ny hahafantarantsika Azy.

Fantatr'Andriamanitra fa manao zava-dratsy foana isika, izany no antsoiny hoe "fahotana". Fahahafatesana no sazy ho antsika noho ny otantsika, saingy tian'Andriamanitra tokoa isika ka nomeny Jesosy Zanany ho faty teo amin'ny hazo fijaliana, mba ho voasazy noho ny helontsika. Avy eo nitsangana tamin'ny maty Jesosy, ary niakatra any an-danitra! Raha mino an'i Jesosy ianao, ary mangataka Aminy mba hamelàny ny helokao, dia havelany tokoa izany! Honina ao aminao Izy, ary ianao honina miaraka Aminy mandrakizay.

Raha te-hibebaka hiala amin'ny fahotanao ianao,
dia izao no afaka lazainao amin'Andriamanitra:
Ry Andriamanitra ô, mino aho fa maty ho ahy Jesosy, ary velona Izy ankehitriny. Miangavy Anao aho, Tompo ô, midira ao amin'ny fiainako, ary mamelà ny heloko, mba hahazoako fiainan-baovao, ary ho avy ny andro handehanako eny Aminao ho mandrakizay. Ampio aho ho velona ao aminao, tahaka ny Zanakao. Amena.

Vakio ny Baiboly ary miresaha amin'Andriamanitra isan'andro!
Jaona 3.16